“TARA LOATRA RAHA EFA MATY IZAHAY VAO HO TONGA NY FANAMPIANA”

FAMINTINANA: NY FIANTRAIKAN’NY FIOVAN’NY TOE-TANY AMIN’NY ZON’OLOMBELONA NOHO NY HAITANY MAMELY NY TAPANY ATSIMON’I MADAGASIKARA

AMNESTY INTERNATIONAL

Ny Amnesty International dia hetsika hitambaran'olona folo tapitrisa izay manetsika ny fiheverana ny maha-olona ao anatin'ny tsirairay sy hitondrana fanovana mba hahafahan'ny tsirairay misitraka ny zon'olombelona.

Manana vina izahay fa hitazona ny teniny sy hanaja sy hampihatra ireo lalana iraisam-pirenena ireo mpitondra.

Mahaleo tena izahay ka tsy miankina amina fanjakana na firehana politika na ekonomika na fivavahana, ary ny mpikambana sy ny fanomezana avy amin'ny olon-tsotra no mamatsy volanay.

Resy lahatra izahay fa ny firaisan-kina sy fo antra ao anatin'ny olona rehetra maneran-tany dia hitondra fiovana ho amin'ny fiaraha-monina tsaratsara kokoa.

© Amnesty International 2021
Except where otherwise noted, content in this document is licensed under a Creative Commons (attribution, non-commercial, no derivatives, international 4.0) licence.
https://creativecommons.org/licenses/by-nc-nd/4.0/legalcode
For more information please visit the permissions page on our website: www.amnesty.org
Where material is attributed to a copyright owner other than Amnesty International this material is not subject to the Creative Commons licence.
First published in 2021
by Amnesty International Ltd
Peter Benenson House, 1 Easton Street
London WC1X 0DW, UK

Index: AFR 35/4874/2021
Original language: English

amnesty.org

Cover photo: *© Pierrot for Amnesty International, Ambovombe Martsa 2021*

AMNESTY INTERNATIONAL

GLOSSARY

FANAFOHEZAN-TENY	FAMARITANA
CFSAM	FAO/WFP Crop and Food Security Assessment Mission (Mission d'évaluation des cultures et de la sécurité alimentaire de l'ONUAA/PAM - Iraka mpanao tombana ho an'ny fahavitan-tena ara-tsakafo)
CPIA	Country Policy and Institutional Assessment (Evaluation de la politique et des institutions nationales - Tombana ho an'ny politikam-pirenena sy ny andrim-panjakana)
ECDCASA	Evaluation du Démarrage de la Campagne Agricole et de la Sécurité Alimentaire (Tombana ho an'ny fanombohan'ny hetsika ara-pambolena sy ny fahavitana ara-tsakafo)
FEWS	Famine Early Warning Systems Network (Rafitry ny tambazotra mampilaza mialoha mikasika ny mosary)
GES	Gaz à effet de serre (entona manimba)
GIEC	Groupe d'experts intergouvernemental sur l'évolution du climat (Fivondronana iraisam-pirenena momba ny fiovan'ny toe-tany)
IPC	Integrated Food Security Phase Classification (Cadre intégré de classification de la sécurité alimentaire - Fitaovana fanasokajiana ny tahan'ny fanjarian-tsakafo)
OIM	Organisation internationale pour les migrations (Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny fifindra-monina)
ONU	Organisation des Nations unies (Firenena Mikambana)
ONUAA (FAO)	Organisation des Nations unies pour l'alimentation et l'agriculture (Sampana miahy ny ara-tsakafo sy ara-pambolena ao amin'ny Firenena Mikambana)

FAMARITANA

Andraikitra iraisana nefa ampiavahana araka ny fahafahan'ny tsirairay (CBDR–RC: Common but differentiated responsibilities and respective capabilities - responsabilités communes mais différenciées et capacités respectives): foto-kevitra iray ao anatin'ny Fifanarahana mikasika ny fiovan'ny toe-tany nataon'ny Firenena Mikambana (Cadre de conventions des Nations Unies sur le changement climatique) izay manaiky ny fahasamihafana ny fahafahana sy ny andraikitra eo amin'ny firenena tsirairay eo anatrehan'ny fiovan'ny toe-tany. Ireo antoko izay namonjy ny fivoriana COP20 tany Lima tamin'ny 2014 dia nifanaraka fa hamaritra io fitsipika io ho "andraikitra iraisana nefa ampiavahana araka ny fahafahan'ny tsirairay, manoloana ny toe-java-misy eo amin'ny firenena tsirairay". Nankatoavina tamin'ny Fifanarahana natao tany Paris ihany koa izany famaritana izany. Ny foto-kevitra ijoroan'ny CBDR-RC koa dia hita taratra ao amin'ny zon'olombelona.

Fahapotehan'ny ala: ny fanovana ireo faritra nisy ala ho faritra tsy misy ala hampiasaina ho toeram-pambolena sy fiompiana, saha lehibe, toera-ponenana, toeram-piasana na fitrandrahan-kazo na tany karakaina. Ny antony lehibe indrindra mahapotika ny ala dia ny asa fambolena sy fiompiana indostrialy toy ny voanio palmie, soazaha, ny hena ary ny famokarana ronono. Araka ny voalazan'ny ONUAA, ny fahapotehan'ny ala dia vokatry ny fampiasana ny faritra misy ala ho amin'ny filàna hafa na ny fihenan'ny rakotrin'ny ala ambanin'ny 10%. Ny fahapotehan'ny ala dia midika ny fahaverezana maharitra (> 10 taona) ny rakotrin'ny ala.

Famokarana entona karbonika: famoahana entona karbonika (CO_2), indrindra izay nateraky ny fandoroana ireo angovo azo tamin-javatra lo (solika, entona voajanahary ary arintany), fako mivaingana, hazo ary vokatra vita amin'ny hazo. Ny fiovana misy eo amin'ny fampiasana ny tany ihany koa dia mety handray anjara amin'ny fiforonan'izany entona izany. Ny fahapotehan'ny ala sy ny fahasimban'ny nofon-tany dia mampiakatra ny tahan'ny karbona eo amin'ny soson-drivotra ary ny fitombon'ny ala no mampihena izany kosa. Araka ny Tatitra tamin'ny ny Tombana Fahadimy nataon'ny Fivondronana iraisam-pirenena momba ny fiovan'ny toe-tany (GIEC), ny fiforonan'ny entona karbonika CO_2 avy amin'ireo angovo azo tamin-javatra lo no mameno ny 78% ny fitombon'ny tahan'ny entona manimba na "gas à effet de serre" teo anelanelan'ny taona 1970 sy 2010.

Famokarana entona manimba – "gaz à effet de serre" (GES): Entona vitsivitsy izay afaka mitazona sy mitahiry ny hafanana (rayonnement de grande longueur d'onde) tsy hihaotra ny soson-drivotra, ary mahatonga ny Tany mafana kokoa raha oharina amin'ny mari-pana ara-dalàna raha toa ka tsy nisy izany. Ny famokarana ireo entona ireo izay vokatry ny asan'olombelona no tena fototry ny fiangonan'ny hafanana eo amin'ny Tany sy ny soson-drivotra, mitarika ny fiakaran'ny mari-pana maneran-tany. Mampitombo ny fiangonan'ny hafanana ny fiakaran'ny tahan'io GES io eo amin'ny soson-drivotra, ary izany no miteraka fihafanan'ny tany dia avy eo fiovan'ny toe-tany. Ny entona karbonika no betsaka indrindra amin'ireo entona manome ny entona manimba na "gas à effet de serre" vokarin'ny asan'olombelona ireo. Ny "méthane" sy ny "protoxyde d'azote " dia anisan'ny entona manimba goavana ihany koa. Ny "hydrofluorocarbures", ny "perfluorocarbures" ary ny "hexafluorure de soufre" dia vitsy kokoa nefa tena mahery vaika.

Fanalefahana ny fiovan'ny toe-tany: ezaka atao mba hanalefahana na hisorohana ny famokarana entona manimba mba hahafahana mifehy ny fiovan'ny toe-tany. Ohatra amin'izany ny fitsaharana ny fampiasana ireo angovo azo avy amin'ny zavatra lo ka soloina ho angovo azo havaozina, ny fanatsarana ny fahaiza-mampiasa ny angovo, ny fanovana ny fomba fitantanana na ny fombam-pividin'ny mpanjifa, ny fanamafisana ny rafitra fitazomana hafanana anaty trano, ny fampiasana fiara fitateram-bahoaka tsy mamoaka entona karbonika be loatra, ny fampiroboroboana ny haitao ara-fambolena maharitra sy lovainjafy toy ny fambolena miaro ny tontolo iainana sy ny fiarovana azy, ny fanarenana ary ny fanitarana ny ala sy ireo "siny" karbonika hafa izay mitroka ny entona karbonika.

Fandraisana anjara voarafitry ny firenena tsirairay (contributions déterminées au niveau national – CDN): tolo-kevitra avy amin'ny firenena nanaiky ny fifanarahana tany Paris izay manondro ny tanjona kendrena ho an'ny fampihenana ny famokarana entona manimba sy ireo fepetra izay kasain'ny governemanta nasionaly tsirairay hanatanterahana izany tanjona izany. Araka ny fifanarahana tany Paris dia takiana amin'ny governemanta ny handefa CDN vaovao any amin'ny Sekretariatin'ny CCNUCC isaky ny dimy taona, ary ny fanitsiana tsirairay anatin'izany CDN vaovao izany dia mila maneho fa nisy fampandrosoana mihoatra ny tanjona napetraka tao amin'ny CDN teo aloha.[1]

[1] Andininy 4.2 sy 4.9, Fifanarahana tany Paris.

Fiatrehana (ny fiovan'ny toe-tany): fiovana mikasika ireo fomba fanao sy rafitra ho entina mifehy ny mety ho voka-dratsy ateraky ny fiovan'ny toe-tany sy hanamafy ireo tombontsoa mety aterak'izany.[2]

Fihafanan'ny tany: ny fiakarana maharitra ny mari-panan'ny toe-tany eto an-Tany noho ny asan'ny olombelona, izay hita hatramin'ny vanim-potoana talohan'ny indostria (teo anelanelan'ny 1850 sy 1900). Ny teny hoe fihafanan'ny tany dia tsy mahasolo ny teny hoe fiovan'ny toe-tany satria feno kokoa ity farany. Satria ny teny hoe fiovan'ny toe-tany dia tsy mamaritra fotsiny ny fiakaran'ny mari-pana (fihafanan'ny tany) fotsiny fa mamaritra ihany koa ny voka-dratsy aterany hafa toy ny loza vokatry ny toetr'andro, ny fiakaran'ny haavon'ny ranomasina, sy ny sisa (jereo ny mikasika ny loza miseho ao anatin'ny fotoana fohy sy loza miseho aty aoriana). Ny fihafanan'ny tany dia faritana ho fiakaran'ny mari-pana ankapobeny manerana ny Tany.

Fifanarahana tany Paris: ny Fifanarahana tany Paris dia Fifanarahana iraisam-pirenena mifehy ny fiovan'ny toe-tany. Nankatoavin'ny firenena mpikambana miisa 196 eo anivon'ny COP 21 tany Paris, tamin'ny 12 Desambra 2015, ary nampiharina nanomboka tamin'ny 4 Novambra 2016. Ny tanjona dia ny hifehezana ny fiakaran'ny hafanana tsy hihoatra ny 2 degre na 1.5 degre aza, raha oharina amin'ny mari-pana nisy alohan'ny firoboroboan'ny indostria. Mba hahafahana mifehy izany mari-pana izany mandritra ny fotoana maharitra, dia manana tanjona ny hanatratra ny fetra farany amin'ny famokarana entona manimba ao anatin'ny fotoana fohy araka izay azo atao ny firenena nanao fifanarahana mba hahafahana manafoana izany entona manimba izany eo amin'ny toe-tany maneran-tany. Hatramin'ny fisasahan'ity taonjato ity no kasaina hahavitana izany.

Fiovan'ny toe-tany: ny fiovana misy mahakasika ny toe-tany izay vokary ny zavatra ataon'ny olombelona mivantana na tsy mivantana izay manova ny fangaron'ny soson-drivotra maneran-tany, izay manampy ny fiovan'ny toe-tany voajanahary hita nandritra ny vanim-potoana afaka oharina.[3]

Firenena manan-karena sy indostrialy: ity tahirin-kevitra ity dia mampiasa ny teny hoe "Firenena manan-karena sy indostrialy" mba hamaritana ireo firenena hita ao amin'ny Takelaka Fanampiny Laharana Voalohany ao amin'ny Rafi-pifanarahan'ny Firenena Mikambana mikasika ny fiovaovan'ny toe-tany – CCNUCC.[4]

Haintany: (1) tsy fisian'ny rotsak'orana mandritra ny fotoana maharitra na fitotonganan'ny fatran'izany (2) Vanim-potoana maina sy maharitra tsy ara-dalàna noho ny tsy fisian'ny rotsak'orana ary miteraka tsy fifandanjana eo amin'ny fitsinjarana ny rano.[5]

Loza ara-toetr'andro sy ara-toe-tany: ny Fivondronana iraisam-pirenena momba ny fiovan'ny toe-tany (Groupe d'experts intergouvernemental sur l'évolution du climat) dia mamaritra fa ny antsoina hoe loza ara toetr'andro sy ara-toe-tany dia "ireo seho vokatry ny toetr'andro na toe-tany izay mihoatra (na latsaka) noho ny fetra fahita sy ara-dalàna napetraka". Hazavainy koa fa ny loza ara toe-tany (toy ny haitany sy tondra-drano) dia mety vokatry ny tranga-javatra ara-toetr'andro na ata-toetany maromaro izay mety tsy mafy fitranga loatra raha raisina irery saingy nifanesy kosa (izany hoe ny fifanesen'izany no naha loza azy). Toy izany koa, na dia tsy mafy fitranga eo amin'ny lafin'ny antontan'isa aza ny loza ara-toetr'andro sy ara-toe-tany, dia mety hiteraka toe-javatra na fiatraikany mahery vaika tafahoatra eo amin'ny rafitra ara-tsosialy, ara-tontolo iainana, ara-batana na eo amin'ny hisehon'io loza io miaraka amin'ny loza hafa. Ny rafitry ny toetr'andro toy ny rivo-doza tropikaly dia mety hitera-doza lehibe tokoa arakaraky ny fotoana sy ny toerana hitrangany, na dia rivo-doza tsy mafy noho ny rivo-doza hafa aza izy. Mifamadika amin'izay koa anefa dia tsy ny seho mafy fitranga rehetra akory dia tsy maintsy hitondra loza avokoa. Ny loza ara-toetr'andro sy ara-toe-tany amin'ny ankapobeny dia mizara roa: loza miseho ao anatin'ny fotoana fohy sy loza miseho aty aoriana (jereo ny famaritana eto ambany). Ny Fivondronana iraisam-pirenena momba ny fiovan'ny toe-tany (Groupe d'experts intergouvernemental sur l'évolution du climat) dia manao ny tsoa-kevitra fa ny tahan'ny fiovan'ny toe-tany misy ankehitriny dia mitarika "fiovana noho ny fiverimberenana, ny hamafiny, ny fihitarany, ny faharetany ary ny vanim-potoana isehoan'ny loza ara-toetr'andro sy ara-toe-tany ary mety hiteraka toe-javatra tsy mbola fahita."[6]

Loza miseho ao anatin'ny fotoana fohy: loza lehibe miseho ateraky ny toetr'andro sy ireo aterakin'ny toe-tany izay "tranga tokana miseho tampoka na misoko mangina vetivety ao anatin'ny andro na ora vitsy"[7], araka ny

---

[2] Famaritan'ny CCNUCC. Jereo ao amin'ny http://unfccc.int/focus/adaptation/items/6999.php
[3] Andininy 1, CCNUCC.
[4] Jereo : Parties & Observers | UNFCCC
[5] Organisation météorologique mondiale (OMM), 1992: *International Meteorological Vocabulary* (WMO – No. 182). Genève, Organisation météorologique mondiale. Jereo : https://library.wmo.int/doc_num.php?explnum_id=4712
[6] GIEC, *Special Report on Managing the Risks of Extreme Events and Disasters to Advance Climate Change Adaptation, Summary for Policymakers*, pejy faha-5.
[7] CCNUCC, Slow Onset Events: Technical Paper, 26 November 2012, UN Doc. FCCC/TP/2012/7, para. 20.

famaritan'ny rafi-pifanarahan'ny Firenena Mikambana mikasika ny fiovan'ny toe-tany (Convention-cadre des Nations unies sur les changements climatiques – CCNUCC). Ohatra amin'izany ny hafanana miakatra avo be tampoka, ny doro tanety, ny oram-baratra entin'ny rivo-doza tropikaly.

Loza miseho aty aoriana: loza lehibe miseho ateraky ny toetr'andro sy ireo aterakin'ny toe-tany "izay mivoatra miadana noho ny fiovana tsikelikely mitranga mandritra ny taona maro, na avy amin'ny fiverimberena sy fihamafin'ny tranga" toy fiakaran'ny haavon'ny ranomasina, ny fiakaran'ny mari-pana, fiakaran'ny tahan'ny asidra ao anaty ranomasina, fihatahan'ny ranomandry sy ny voka-dratsy aterany, fiakaran'ny tahan'ny sira, fahampotehan'ny tany sy ny ala, fanjavonan'ny harena voajanahary ary fitomboan'ny tany hay.[8]

Mosary: Ny Fitaovana fanasokajiana ny tahan'ny fanjarian-tsakafo (Cadre integré de classification de la securité alimentaire na IPC) dia mampiasa ireto famaritana ny mosary manaraka ireo: tsy fahafahan'ny mponina iray manontolo na vondron'olona misitraka sakafo ara-dalàna izay mety hiteraka fahafatesana ao anatin'ny fotoana fohy. Ny IPC dia manana ambaratongam-penitra hisokajiana ny hamafin'ny tsy fanjariana ara-tsakafo – ary ny mosary, izay sokajy faha-5 ao anatin'ilay fitsinjarana, no mafy indrindra. Ankoatra izay dia misy koa ny hamehana ara-tsakafo (sokajy faha- 4), ny krizy ara-tsakafo (sokajy faha-3), fiferotana aina ara-tsakafo (sokajy faha-2) ary ny olana kely indrindra ara-tsakafo (sokajy voalohany). Araka ny famaritana, dia mosary mihatra amina vahoaka ankapobeny io voasokajy ao amin'ny ambaratonga faha-5 io ary sokajiana ho "iharan-doza" kosa izy rehefa tokantrano no miatrika azy. Raha toa ka mahatratra 20%-n'ny tokantrano eo amin'ny toerana iray no tafiditra ao anatin'ny ambaratonga fahadimy amin'ny sokajy napetrany ny IPC, izany hoe voasokajy "iharan-doza", dia tafiditra ary voafaritra avy hatrany ao anatin'ny sokajy fahadimy ianjadian'ny mosary izany io toerana io. Ato amin'ity tatitra ity, ny tokantrano iharan-doza dia lazaina koa fa toy ny mihatra ny mosary.

Rafi-pifanarahan'ny Firenena Mikambana mikasika ny fiovaovan'ny toe-tany (Convention-cadre des Nations unies sur les changements climatiques – CCNUCC): Fifanarahana, nankatoavina tamin'ny taona 1992 sy nampiharina roa taona taorian'izay, mametraka ireo rafitry ny ezaka iarahan'ny fanjakana maromaro manao mba hiatrehana ny fihaikana mikasika ny fiovan'ny toe-tany. Iaraha-manaiky anatin'izany fa ny rafitry ny toe-tany dia fananana iombonana ka ny fahamarinan-toerany dia miankina amin'ny famokarana entona karbonika, ny entona manimba ary ny entona indostrialy. Iaraha-manaiky ao anatin'ity Fifanarahana ity koa ny maha-zava-dehibe ny fandinihana feno "ny filàna manokana sy ny toe-javatra manokana an'ny firenena an-dàlam-pandrosoana, indrindra fa ireo marefo tsy afaka miatrika ny vokatry ny fiovan'ny toe-tany, ary ireo Antoko, indrindra ireo firenena an-dàlam-pandrosoana, izay tsy maintsy hizaka vesatra tsy rariny na tsy ara-dalàna noho ity Fifanarahana ity." Ity Fifanarahana ity dia misy mpikambana saika manerana izao tontolo izao.

Tany an-dàlam-pandrosoana: ity tahirin-kevitra ity dia mampiasa ny teny hoe "firenena an-dàlam-pandrosoana" mba hiantsoana ireo firenena rehetra tsy tafiditra ao anatin'ny pejy fanampiny laharana 1 ao anatin'ny CCNUCC.[9]

Toe-bola atokana ho an'ny toe-tany: teny ho entina mamaritra ny toe-bola natokana mba hiatrehana ny fiovan'ny toe-tany maneran-tany sy ny fikorianan'ny famatsiam-bola ho an'ny firenena an-dàlam-pandrosoana mba hanampiana azy ireo amin'ny fiatrehana ny fiovan'ny toe-tany.

[8] CCNUCC, Slow onset events. Technical paper, 26 November 2012, UN Doc FCCC/TP/2012/7.
[9] Jereo: Parties & Observers | CCNUCC (amin'ny teny anglisy)

© Pierrot Men for Amnesty International, Maroalomainty, Madagascar, Martsa 2021

1. FEHIKEVI-PANADIHADIANA

“Tsy manan-tsafidy izahay afa-tsy ny mitoetra eto miandry ny fahafatesana haka anay”

-Josephine, faritra atsimon’i Madagascar

Latsaka an-katerena ny tapany atsimon’i Madagasikara. Ianjadian’ny haintany mafy indrindra nisy tato anatin’ny 40 taona ankehitriny ny faritra atsimon’i Madagasikara, fantatra amin’ny anarana hoe “*Le Grand Sud* ” (ny faritra atsimo indrindra) ka aman-tapitrisany ireo mponina ambivitry ny mosary ary an’arivony maro ireo efa miaina tanteraka izany mosary izany. Manaitra ny rehetra noho izany hamehana izany ireo tompon’andraikitry ny Birao mandrindra ny raharaha maha-olona ao amin’ny Firenena Mikambana (Bureau de la coordination des affaires humanitaires - BCAH) ka manambara fa “miharatsy ny fihanaky ny mosary izay mamely mafy ny mponina any amin’ny faritra atsimon’i Madagasikara ary mbola tsy nisy toy ity hatry ny nisian’ny mosary tany amin’iny faritra iny hatramin’ny taona 1981.” Ankehitriny dia mihoatra ny 1,1 tapitrisa ny olona mety hianjadian’izany hanohanana izany ary heverina fa vao maika hihamafy izany ato anatin’ny volana maromaro ho avy. Misy ireo tatitra manaporofo fa efa maro ny olona maty noho ny hanohanana any.

Nisy fiatraikany ratsy tamin'ny zon'olombelon’ny olona ao amin'iny faritra iny ny haintany. Ny Fandaharan’asan’ny Firenena Mikambana mikasika ny sakafo maneran-tany (Programme Alimentaire Mondiale - PAM) dia nahita fa vokatry ny haintany dia mitombo ny tsy fanjariana ara-tsakafo, ary mihasarotra ny fahitana rano hosotroina sy hampiasaina, hidiovana sy hanadiovana. Ny 75 isan-jaton’ny mponina any amin’ny distrikan’i Amboasary Atsimo dia iharan’ny “mosary mafy” araka ny fanadihadiana farany momba ny Fitaovana fanasokajiana ny tahan’ny fanjarian-tsakafo (Cadre integré de classification de la securité alimentaire – IPC) ho an’i Madagasikara, ka nahitana fa misy faritra any izay voasokajy ao anatin’ny toe-javatra iarahan-doza izay voarafitra ao anatin’ny sokajy faha-dimin’ny hamehana ara-tsakafo (na toe-piainana toy ny mosary ao amin'ny ankohonana sasany). Mihoatra ny iray ampaha-efatry ny ankizy any amin’ny ditrikan’ Ampanihy sy Ambovombe no iharan’ny tsy fanjarian-tsakafo lalina ary maro ireo nahiditra toeram-pitsaboana ka ahiana ny ainy vokatry ny tsy fanjarian-tsakafo mafy loatra nihatra taminy nandritra ireo telo volana voalohany tamin’ity taona 2021 ity, satria dia avo efatra heny noho ireo mosary rehetra nandalo ny hamafiny raha ampitahahina tamin’izay rehetra nandalo tato anatin’ny dimy taona farany.

Misy ireo porofo ara-tsiansa maneho fa ny olana ateraky ny fiovan’ny toe-tany maneran-tany no anisan’ny miteraka izany haintany mihatra amin’ity firenena ity izany. Firenena tropikaly i Madagasikara ka mety hirotsahan’ny oram-baratra, handalovan’ny rivo-doza tropikaly ary hiaran’ny haintany. Ireo tahirin-kevita misy ankehitriny dia manasongadina fa nampiakatra be ny mari-pana any amin’ny faritra atsimon’ny nosy ny fiovan’ny toe-tany sady nampidina ny rotsak’orana, izay toe-javatra izay mampiakatra ny mety hisian'ny haintany.

Ity tatitra ity dia manadihady ny vokatry ny haintany nateraky ny fiovan’ny toe-tany eo amin’ny sehatry ny zon’olombelona any amin’ny tapany atsimon’i Madagasikara. Ary raha mampahafantatra mikasika ny voka-

dratsin'ny haintany any amin'ny tapany atsimon'i Madagasikara no lahara-pahamehan'ity tatitra ity, dia manao antso avo amin'ny vondrona iraisam-pirenena ihany koa ity mba handray andraikitra haingana hamahana ny krizin'ity fiovan'ny toe-tany maneran-tany ity. Satria raha ny vina mikasika ny toe-tany no jerena dia hita fa mety hitranga matetika sady hihamafy kokoa ny olana mahakasika ny toe-tany ka hiharatsy hatrany ny vokatra aterany eo amin'ny zon'olombelona.

FOMBA FIASA

Ny Amnesty International dia nanatanteraka fikarohana tany amin'ny tapany atsimon'i Madagasikara tamin'ny volana Martsa 2021. Nanangom-baovao tamin'ireo vehivavy, ankizy ary lehilahy izay iharan'ny haintany sy ny tsy fanjarian-tsakafo. Nisy dinidinika sy fanadihadiana natao niaraka tamina vondron'olona sy tamin'ny isam-batan'olona miisa 82 tany amin'ireo tanàna miisa 17 niharan'ny mosary mafy indrindra ny Amnesty International. Ao anatin'izany ireo mponin'ny faritra atsimon'i Madagasikara, ny lehibe eo anivon'ny fiarahamonina, ny mpiasan'ny fahasalamana, ny ekipa solon-tenan'ireo Firenena Mikambana ary ny solontenan'ny fiarahamonim-pirenena.

Fanampin'izay dia nanao fikarohana tahirin-kevitra lalina koa ny Amnesty International mba hahazahoana mahatakatra bebe kokoa ny mikasika ny vokatry ny haintany sy ny fihanaky ny tsy fanjarian-tsakafo.

TONTOLON-KEVITRA

Raha jerena ireo toerana latsaka anaty fahantrana lalina eto Madagasikara dia hita fa misy ireo toerana tena voa mafy mihoatra ny sasany. Ambony lavitra ny tahan'ny fahatrana any amin'ny tapany atsimon'i Madagasikara noho ny any amin'ny faritra avaratra sy ampovoan-tany. Heverina ho any amin'ny 91 isan-jaton'ireo mponina any amin' ny tapany atsimon'i Madagasikara na "Le Grand Sud" no miaina ambanin'ny tokonam-baravaran'ny fahantrana ary raha jerena ny eo amin'ny tantara dia tsy ampy vola ary tsy ampy loharanon-karena efa hatramin'izay iny faritra iny. Ny vahoaka any amin'ny faritra atsimo dia miatrika olana marobe amin'ny fahitana sy fitazonana foto-pivelomana, izay voafetra kokoa amin'ny fambolena sy jono, izay mora simban'ny haintany ary mosary hatrany. Ny salan'isan'ireo mponinao any amin'ny tapany atsimon'i Madagasikara mivelona amin'ny fahefa-mividy ambanin'ny lavitry ny fetra azo ekena amin'ny fahantrana dia mampiseho fa ny ankamaroan'ny mponina dia tsy afaka miatrika ireo voka-dratsy ateraky ny loza ara-toetr'andro sy ara-toe-tany. Voafetra ihany ny fahafahany miaina ao anatin'ny voka-dratsin'ny fiovan'ny toe-tany, na ao anatin'ny fotoana fohy na fotoana maharitra izany, indrindra ny eo amin'ny lafiny ara-ekonomika noho ny akon'izany eo amin'ny fambolena, jono, sy fizahan-tany.

Noho izany, na dia olana maneran-tany aza ny fiovan'ny toe-tany dia misy kosa ireo vondron'olona izay iharan'ny vokatr'izany amin'ny fomba mahery vaika kokoa sy amin'ny endriny samihafa ka lasa manjary hiharan'ny tsy rariny sy ny tsy fitoviana. Araka izany, ny krizy amin'ny toe-tany dia mampidi-doza amin'ny olona any amin'ny firenena an-dàlam-pandrosoana, indrindra ny nosy ambany iva ary ireo firenena mahantra indrindra toa an'i Madagasikara, tsy noho ny voka-dratsy ateraky ny fiovan'ny toe-tany ihany, fa noho ny zava-misy ara-politika, ara-tsosialy ary ara-toe-karena eo amin'ny firenena ihany koa izay vao maika maharatsy ny toe-java-misy. Mahatsiaro iharan'ny tsy rariny ireo mponina any amin'ny tany an-dàlam-pandrosoana noho ny vokatry ny fiovan'ny teo-tany satria raha jerena dia kely indrindra ny fandraisan'anjaran'izy ireo mahatonga izany fiovan'ny teo-tany izany.

HAITANY SY FIOVAOVAN'NY TOETR'ANDRO

Na dia tsy misy fikarohana manokana ara-tsiansa aza mampifandray mivantana ny haintany misy any Madagasikara amin'ny fiovan'ny toe-tany dia misy kosa ireo tahirin-kevitra sy porofo mampiseho fa misy ny fifandraisana amin'ireo zavatra roa ireo. Ohatra amin'izany ny fihenan'ny rotsak'orana ankapobeny isan-taona tao anatin'ny taonjato lasa ary vao maika ambany izany any amin'ny tapany atsimon'ny nosy (Le Grand Sud) raha oharina amin'ny faritra hafa eo amin'ny firenena. Araka ny tatitra voaray tamin'ny taona 2020/2021 dia ambany noho ny rotsak'orana tokony ho izy hatrany ny rotsak'orana nisy tato anatin'ny dimy taona nisesy tany amin'ny faritra maina any atsimo. Manamafy izany koa ireo mponina any amin'iny faritra iny raha nanontanian'ny solontenan'ny Amnesty International ny iray tamin'ireo:

“Hitako fa nisy fiovana maro nitranga. Manomboka volana Septambra ka hatramin’ny volana Desambra no nirotsaka ny orana taloha ary ny volana Febroary izahay no manomboka mamboly. Tamin’ity taona ity anefa dia volana Febroary vao nilatsaka ny orana. Efa ho roa taona izao izahay no tsy afaka namboly ny taninay.”

Fanampin’izay dia niova koa ny toetry ny rotsak’orana eto Madagasikara araky ny voalazan’ny World Data Atlas “Mihena hatrany izy tao anatin’ny vanim-potoana 1963 – 2017.” Eo ankilan’izany koa dia hita fa miakatra ny mari-pana manerana ny faritra rehetra teo anelanelan’ny taona 1979 –2015. Voamarin’ny Banky iraisam-pirenena koa izany: “Noho ny fihafanan’ny tany dia niakatra ny mari-pana any na mandritry ny ririnina na mandritry ny fahavaratra tao anatin’ny 15 taona lasa.”

Ankoatr’izay, na dia kely ihany aza ny porofo ara-tsiansa azo ampiasaina hanaovana tsoa-kevitra fa misy akony eo amin’i Madagasikara ny fiovan’ny toe-tany hatreto, dia tafiditra ao anatin’ireo firenena 20 marefo indrindra izy teo anelanelan’ny taona 2000 sy 2019. Maro koa ireo famelabelarana ara-tsiansa ampy hanehoana fa tsy ara-drariny ny mety ho vokatry ny fiovan’ny toe-tany hiantraika amin’i Madagasikara amin’ny ho avy – kanefa dia kely ihany ny fandraisana anjara nataony nahatonga izany fiovan’ny toe-tany izany. Misy amin’ireo famelabelarana momban’ny toe-tany ireo no maneho fa hihamafy ny haintany any amin’ny tapany atsimon’i Madagasikara noho ny fiovan’ny toe-tany hitranga ato anatin’ny amam-polo taona maromaro ho avy, ka miteraka ahiahy lehibe amin'ny fiarovana ny zon'olombelona.

AKONY EO AMIN’NY ZO MAHA-OLONA

Ny loza ara-toetr’andro sy ara-toetany toy ny haintany mafy izay mitranga any amin’ny tapany atsimon’i Madagasikara amin’izao fotoana izao, dia misy fiantraikany lehibe eo amin’ny zon’olombelona. Toy izany koa ireo vokatra ratsy hoentin’ny fiovan’ny toe-tany izay hita fa tsy ara-drariny dia misy fiantraikany lehibe amin’ny fahafaha-misitraka ny zon’olombelona ho an’ireo mahantra sy ireo niangaran’ny vintana indrindra.

Ity tatitra ity dia mampiseho fa tsy afaka misitraka ny zo hiaina anaty tontolo madio, mahasalama ary afaka lovainjafy ny vahoaka Malagasy. Izany tsy fahafahany misitraka ireo zoany izany dia mitarika fiatraikany amin'ny zon'olombelona marobe any amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara noho ny haitany mamely, anisan'izany ny zon'izy ireo hiaina, zony ara-pahasalamana, zony ara-tsakafo sy zony hahazoana rano sy fidiovana.

Voakasik’izany manokana ny ankizy satria ny tatitra voaray mikasika ny vokatry ny haintany dia milaza fa maro ireo ankizy no tsy afaka misitraka ny fanabeazana an-tsekoly intsony satria tsy maintsy miara-mitan-tsoroka amin’ny fitadiavana ho an’ny tokan-trano izy ireo mba hahafahan’ny fianakaviany mivelona, na koa tsy alefan’ny ray aman-dreny an-tsekoly satria tsy misy na inona na inona azo omena hohaniny. Fanampin’izay dia voatery mifindra monina ny mponina mba hialana amin’ny toe-java-misy eo an-toerana.

Mizaka ny vokatra tsy ara-drariny mavesatra kokoa koa ny vehivavy ka voahosihosy ny zo maha-olona azy ireo noho ny haintany mifandraika amin’ny fiovan’ny toe-tany. Ireo reny loham-pianakaviana, izay miankin-doha tanteraka amin’ny fambolena sy fiompiana sy ny vokatra azo avy amin’izany ho antom-mpivelomana no tena marefo ka ianjadian’ny fahantrana sy ny tsy fanjariana ara-tsakafo satria voafetra ihany ny tany azony ampiasaina amin’izany (noho ny fomba fanao sy fanavakavahana nentim-paharazana). Ankoatra izay dia tompon’andraikitra voalohany izy ireo amin’ny fanabeazana ny zaza any amin’ny faritra atsimon’i Madagasikara, ary miantsoroka ny andraikitra amin'ny famahanana ny zanany. Noho izany dia mety hiroso amin’ny fomba fiatrehana tsy mahomby eo anatrehan’ny ny toe-java-misy.

ANDRAIKITRA TSY MAINTSY ATAON’NY FIRENENA SY NY IRAISAM-PIRENENA

Koa satria ao anatin’ireo firenena nanao ny Fifanekena iraisam-pirenena mikasika ny zo ara-toe-karena, ara-tsosialy, ara-kolotsaina (Pacte international relatif aux droits économiques, sociaux et culturels – PIDESC) i Madagasikara dia misy dingana takiana tsy maintsy ataony irery sy eo ambany fanohanana sy fiaraha-miasa iraisam-pirenena, indrindra fa amin’ny lafiny ara-toe-karena sy ara-teknika mba hahatratrarana feno ny fanatanterahana ny zo nifanekena ao amin'ny PIDESC, izany hoe ny zo hananana fari-piainana sahaza, ny zo hisitraka sakafo sy rano madio. Na eo aza anefa ireo adidy ireo dia hita fa mbola tena voafetra ihany ny fahafahana misitraka sakafo ampy sy rano madio ho an’i Madagasikara, indrindra fa ho an’ireo olona izay

monina any ambanivohitra sy ireo miaina any amin'ny tapany atsimon'ny Nosy. Tsy manana rano fisotro madio sy rano hidiovana ireo mponina any amin'ny faritra atsimo noho ny antony maro samy hafa, anisan'izany ny tsy fisian'ny rano any amin'io toerana io sy ny kalitaon'ny rano azo ampiasana, olana noho ny halaviran-toerana ary ny tsy fisian'ny foto-drafitr'asa.

Na izany aza anefa, raha ny tontolon'ny tany an-dàlam-pandrosoana toa an'i Madagasikara no resahina, na dia efa andraikitra fototra sahanin'ny mpitondra eo an-toerana aza ny fanohanana sy ny fiarovana ireo traboina vokatry ny loza voajanahary sy ny loza vokatry ny asan'ny olombelona, dia tsy vitan'ny fahefamanaon'izy ireo ny hitondra ny famatsiana ampy hamahana izany olana izany, ka tsy maintsy mitady fanampiana avy amin'ny sehatra iraisam-pirenena ihany izy ireo mba hahafahana manatratra farafaharatsiny ny fetra farany ambany amin'ny zo ara-toe-karena, ara-tsosialy, ara-kolotsaina. Noho izany antony izany dia tsy maintsy manome fanampiana sy fiaraha-miasa iraisam-pirenena ny firenena rehetra afaka manao izany. Zavatra tsy maintsy atao izany eo ambany fifehezan'ny lalàna mikasika ny zon'olombelona ary tena ilaina indrindra noho ny krizy momba ny zon'olombelona mifandraika amin'ny fiovan'ny toe-tany izay tsy afaka melohana amin'io firenena io ihany na amina firenena iray monja.

Eo ambany fifehezan'ny lalàna mikasika ny zon'olombelona, ny firenena rehetra dia manana andraikitra hiaro ny zo maha-olona eo anatrehan'ny fahasimban'ny tontolo iainana, izay vokatra mety nateraky ny tsy firaharahiana, na ny tsy fandraisana adidy ao anatin'ny faritany na faritra ananany, na ataon'ny fanjakana na ny mpisehatra tsy miankina amin'ny fanjakana izany. Ny fanjakana koa dia tsy maintsy mandray ny fepetra ilaina rehetra hanampiana ny olona rehetra eo amin'ny faritany iadidiany manoloanan'ireo voka-dratsin'ny fiovan'ny toe-tany izay afaka sorohina na izay tsy afaka ialana, ka hampihena ny fiatraikan'ny fiovan'ny toetany amin'ny zon'olombelona. Na dia eo aza anefa ny fiarahan'ny firenena manana izany adidy izany, ireo firenena tena nandray anjara betsaka tamin'ny fiovan'ny toe-tany sy ireo izay manana loharanon-karena azo ampiasaina dia manana andraikitra bebe kokoa, indrindra amin'ny ezaka fanafoanana haingana araka izay azo atao ny famokarana entona karbonika ao anatin'ny tontolon'ny indostria sy amin'ny fitondrana fanampiana ho an'ireo firenena an-dàlam-pandrosoana toa an'i Madagasikara mba hampihenana ny loza ateraky ny fiovan'ny toe-tany eo amin'ny zo maha-olombelona sy fepetra hiatrehana amin'ny fiovan'ny toetany.

Ny haintany izay misy any Madagasikara sy ny vokatra aterany dia tsy tokony horaisin'ny fanjakana Malagasy sy ny fianakaviambe iraisam-pirenena ho isan'ny hamehana mikasika ny zo maha-olana ihany. Raha jerena ireo soritra navelan'ny fiovan'ny toe-tany sy ireo antony maro nahatonga ny olana miavosa ankehitriny, dia azo heverina fa "fahaverezana sy fahapotehana" vokatry ny hamehana ateraky ny fiovan'ny toe-tany izany. Noho izany dia tokony hisy tombana ataon'ny fanjakana Malagasy, miaraka amin'ny fanampian'ny vondrona iraisam-pirenena, mahakasika ireo fahaverezana sy fahapotehana noho ny haintany sy ireo anton-javatra hafa mifandraika amin'ny fiovan'ny toe-tany izay nahatonga ny hamafin'io haintany io. Mila jerena ao anatin'izay ihany koa ny vokatra aterany raha amin'ny lafiny fisitrahana ny zon'olombelona toy ny zo hiaina, ny zo ara-pahasalamana, ny zo hisitraka rano madio sy fahadiovana, sakafo, fanabeazana, kolontsaina. Amin'ny ankapobeny, ireo firenena rehetra afaka mandray andraikitra sy manana loharanon-karena azo hampiasaina hamaliana izany filàna mifandraika amin'ny fahaverezana sy fahapotenana nateraky ny haintany any Madagasikara izany dia tokony handray ny andraikiny avokoa (famatsiana ara-bola, fahaizana ara-teknina, fampitaovana ara-teknolojia). Ao anatin'izany ny fanomezana antoka fa ireo famatsiana ara-bola fanampiny sy vaovao rehetra dia hampiasaina manokana mba hanohanana sy hanonerana ny fahaverezana sy ny fahapotehana mahazo ireo mponin'ny faritra atsimo na "le Grand Sud" ary indrindra mba hanomezana azy ireo fanampiana ho fitsinjovana ny maha-olana mba ho entiny miatrika ny krizy misy ankehitriny. Fanampin'izay, raha jerena ny anjara andraikitra nomena ny firenena tsirairay mba hanarenana ny tsy mety, ireo firenena izay tsy nahavita ny andraikitra nomena azy mba hampihenana ny famokarana entona manimba dia tokony mandoa ny sandan'ny fahaverezana sy fahapotehana manjo ireo mponina iharan'ny haitany any Madagasikara.

Ilaina koa ireo firenena manan-karena sy manana indostria mba hampitombo ny anjara birikiny amin'ny famatsiana ny hetsika hoentina miady amin'ny vokatry ny fiovan'ny toe-tany any amin'ny firenena an-dàlampandrosoana. Marina fa nisy ny fanapahan-kevitra hamatsy 100 lavitrisa dolara isan-taona hoentina

hanampiana ny tany an-dàlam-pandrosoana hatramin'ny taona 2020,[10] saingy mbola tsy tanteraka aloha io fampanantenana io hatreto.[11]

Na izany aza anefa, ny tsy fahampian'ny fanampiana iraisama-pirenena sy ny fahakelezan'ny andraikitra raisin'izy ireo mikasika ny olana ateraky ny fiovan'ny toe-tany dia tsy manala tsiny an'i Madagasikara amin'ny dingana tokony hataony amin'ny fanajana ny zon'olombelona sy ny amin'ny andraikitra tokony horaisiny amin'ny fanomezana ireo loharanon-karena ilaina mba hahafahan'ny mponina ao aminy misitraka ny zo ara-toe-karena, ara-tsosialy, sy ara-kolotsaina. Ao anatin'ny sehatry ny fiovan'ny toe-tany, na dia tsy misy aza ny fanampiana iraisam-pirenena, dia tokony handray fepetra faran'izay tsara hafany i Madagasikara mba hampihenana ny fiforonan'ny entona manimba ao anatin'ny fotoana arak'izay fohy indrindra sy hanohanana ny mponina ao aminy araka izay fahafa-manaony, indrindra fa ho an'ireo izay miaina ao anaty fahantrana sy niangaran'ny vintana, mba hahafahany miatrika ny voka-dratsy ateraky ny fiovan'ny toe-tany. Ao anatin'ireo fepetra manokana tokony horaisina ohatra, ny fampitomboana ny fomba hafahana ivelomana, ny fanatsarana ny foto-drafitr'asa hahazahoana misitraka rano madio, fidiovana sy fanadiovana. Tokony hataon'i Madagasikara laharam-pahamehana ny fiarovana amin'ny loza, indrindra ny loza ateraky ny fiovan'ny toe-tany izay heverina fa mbola hihamafy sy hiharatsy, ary fangatahana ny fanampiana sy ny fanohanana iraisam-pirenena araky ny adidiny eo amin'ny zon'olombelona. Tena zava-dehibe mantsy ny fanohanana sy ny fanampiana iraisam-pirenena mba hanamorana ny fametrahana ny zon'olombelonaho an'ny mponina any Madagasikara, indrindra indrindra manoloana ny fiovan'ny toe-tany.

© Pierrot Men for Amnesty International, Andranosira, Madagascar, Martsa 2021

[10] Tany amin'ny COP15 tamin'ny 2009, "firenena mandroso" mandray anjara amin'ny "fanentanana ny fandrotsahana vola 100 lavitrisa dolara isan-taona hatramin'ny taona 2020 mba hoenti-mamatsy ny filàn'ny tany an-dàlam-pandrosoana". Mbola namafisina tamin'ny fanapahan-kevitra nandritra ny fifanekena tao Paris izany ary nohitarina ho hatramin'ny 2025 ilay famatsiana vola 100 lavitrisa dolara isan-taona, ary mbola misy antso natao ho amina fihaikana lehibebe kokoa antsoina hoe "miainga amin'ny 100 lavitrisa dolara" saingy tsy nasiana tarigetra ho tratrarina mazava kosa (see UN Doc. FCCC/CP/2015/10/Add.1, para. 53).

[11] Climate Home News, ireo vaovao voangona dia nampiseho fa nanakaiky ny 100 lavitrisa dolara no natontona ho an'ny famatsiam-bola nampanantenaina ho an'ny fiovan'ny toe-tany tamin'ny 17 septambra 2021, https://www.climatechangenews.com/2021/09/17/latest-data-shows-rich-countries-little-closer-100bn-climate-finance-promise/

2. FAMINTINANA SY SOSO-KEVITRA

Ny haintany mafy mihatra any amin'ny tapany atsimon'i Madagasikara dia miantraika amin'ny zon'olombelona maro sy samihafa amin'ny mponina izay miatrika izany; ao anatin'izany ny zo hiaina, ny zo hisitraka sakafo, rano madio, ary fahasalamana. Maherin'ny an-tapitrisany ny olona misedra hanohanana, ary ny Firenena Mikambana sy ny mpiara-miombon'antoka amin'ny fitsinjovana ny maha-olona dia mandefa antso maika mba hanomezana famatsiana hahafahana miatrika ireo loza mitatao amin'ny maha-olona. Ireo fikarohana ara-tsiansa misy dia manoso-kevitra fa ny fiovan'ny toe-tany dia mandray anjara amin'ny fiakaran'ny mari-pana any amin'ny tapany atsimon'ny nosy sady mampidina ny rotsak'orana ka mampiakatra ny mety hisian'ny haintany. Ankoatr'izany dia misy ireo famelabelarana izay maneho fa ny haintany any amin'io faritra io dia hinoana fa hihamafy ato anatin'ny am-polo taona maromaro ho avy ka miteraka ahiahy lehibe amin'ny fiarovana ny zon'olombelona.

Na izany aza anefa, ny ankamaroan'ireo firenena dia tsy nahavita ny ezaka tokony ho nataony mba hanafoanana ny famokarana entona manimba ao anatin'ny fe-potoana fohy mba hamerana ny fitomboan'ny mari-pana tsy hihoatra ny 1.5 degre. Ary raha tsy misy ezaka atao am-pahavitrihana haingana, ny toe-javatra toy ny haintany any Madagasikara dia mety hiverimberina sy hihamafy hatrany.

Ao anatin'izany loza mitatao izany dia mametraka olana amin'ny zon'olombelona ny fihafanan'ny tany, ilaina ny dingana hoenti-miaro ny zon'olombelona ka hampiasa feno ny fahaiza-manaony mba hampihenana ny famokarana entona manimba ao anatin'y fotoana fohy sy hitady ny fomba hifehezana ny fiakaran'ny fihafanan'ny tany tsy hihoatra ny 1.5 degre ambonin'ny hafanana mahazatra nialoha ny vanimpotoana niroboroboan'ny indostria ny firenena rehetra. Ny fiakarana 1.5 ° C dia tsy valin-drihana takiana amin'ny lalànan'ny zon'olombelona; fa na ny fiakaran'ny mari-pana manerantany ankehitriny ho 1.1 ° C aza dia efa miteraka fahasimbana lehibe amin'ny zon'olombelona. Fa kosa, ny ambaratonga 1.5 ° C dia maneho fetra azo tanterahina manoloanan'ny toe-javatra ankehitriny. Rehefa foana ny famoronana entona karbonika dia mila mametraka ambaratonga ambany kokoa ho an'ny mari-pana maneran-tany izay mifanaraka amin'ny fiarovana ny zon'olombelona ny firenena rehetra.

Ny zon'olombelona dia tokony ho ivon'ny fepetra, dingana ary foto-kevitra ijoroan'ny ady amin'ny olana ateraky fiovan'ny toe-tany horaisin'ireo firenena. Indrindra, tsy maintsy misy ny antoka eo amin'ny lafiny ara-toe-karena fa ny ezaka tetezamita mankany amin'ny fahafoanana ny famoronana entona karbonika sy tetezamita mankany amin'ny fiarahamonina maharitra dia ho rariny sy hitovy ho an'ny rehetra ary mifanaraka amin'ny adidin'ny firenena rehetra amin'ny zon'olombelona, ka hamorona sehatra hahafahana hiadiana amin'ny tsy fitoviana amin'ny samy firenena izy ireo ary hampandroso ny ady aho an'ny miralenta, ny fanavakavaham-bolokoditra, ny fanavakavahana foko, ny fanavahana noho kilema, ny fitoviana eo amin'ireo taranaka samy hafa. Noho ny fananan'ireo firenena ireo adidy ireo dia manoro hevitra ny Amnesty International:

2.1 HO AN'NY VONDRONA IRAISAM-PIRENENA

- Mampitombo ny ezaka hihatrehana ny olana any amin'ny tapany antsimon'i Madagasikara, ao anatin'izany ny ny famatsiana sakafo ara-potoana sy mandritra ny fotoana maharitra,

fahafahana misitraka rano fisotro madio, fidiovana sy fanadiovana, ka atao laharam-pameraha amin'izany ireo niangaran'ny vintana; sy

- Mametraka fanapahan-kevitra vaovao mikasika ny Fandraisana anjara voarafitry ny firenena tsirairay (CDN) sy paikady maharitra mikasika ny fampihenana ny famoronana entona manimba, ka manome antoka fa drafitra mifanaraka amin'ireo zavatra takiana mba hifehezana ny fihafanan'ny tany ho ambany, tsy mihoatra ny 1.5°C mitaha amin'ny vanim-potoana mialoha ny firoboroboan'ny indostria; maneho ny andraikitry ny firenena tsirairay manoloana izany olana ateraky ny fiovan'ny toe-tany izany sy ny fahafahan'izy ireo mampihena ny fiforonan'ny entona manimba ao anatin'ny fotoana fohy araka izay azo atao.

HO AN'NY FIRENENA INDOSTRIALY SY MANAN-KARENA:

- Ny firenena manan-karena sy manana indostria dia tokony hametraka tanjona mikasika ny fampihenana 50% ny famokarana entona manimba GES na "gas à effet de serre" mialohan'ny 2030 sy tsy fihisina haingana araka izay azo atao ny famokarana entona karbonika, ka hanome antoka fa misy ezaka tetezamita hahatrarana ny fanajana ny zon'olombelona.
- Mampitombo ny anjara birikiny amin'ny toe-bola atokana ho an'ny toe-tany mba hanohanana ny tanjona kendrena iraisan'ny iraisam-pirenena amin'ny fanentanana mikasika ny fanangonana vola 100 lavitrisa dolara isan-taona mba hanaovana hetsika hiadiana amin'ny olan'ny fiovan'ny toe-tany any amin'ny firenena mahantra kokoa.

HO AN'IREO FIRENENA HAFA MANAN-KARENA KA AFAKA MANOME FANAMPIANA SY FIARAHA-MIASA EO AMIN'NY SEHATRA IRAISAM-PIRENENA:

- Manome toe-bola atokana ho an'ny toe-tany ho an'ny fanjakana Malagasy ho fanampin'ireo efa nifanekena teo aloha momban'ny fanampiana amin'ny fandrosoana, amin'ny alàlan'ny fifampidinihina iraisan'ny firenena maro na firenena roa, araka ny sanda notakiana mikasika ny rotsa-bola hoentina mametraka ny CDN an'i Madagasikara sy araka ny laharam-pahamehan'ny politikam-pirenena mahakasika ny ady amin'ny fiovan'ny toe-tany. Izany dia afaka maka endrika fanomezana, fa tsy fampindramam-bola, mba hampifandanjana ny fahafahana miatrika sy fanalefahana ny fiovan'ny toe-tany.
- Mamatsy ara-bola, ara-teknolojia sy ara-teknika, manohana an'i Madagasikara mba hanome antoka fa ampy ireo fepetra hoenti-miatrika ny fiovan'ny toe-tany amin'ny fomba izay hiantohana na dia farafahakeliny aza ny zo ara-toe-karena, ara-tsosialy, sy ara-kolotsaina toa an'ireo mponina any amin'ny tapany atsimo ("Le Grand Sud") sy ireo faritra hafa; ary
- Mamatsy ireo loharanon-karena sahaza, toy ny famatsiam-bola, ny fampitana fahalalana sy toro-hevitra ara-teknolojia sy ara-teknika mba hanarenana sy hitadiavam-bahaolana amin'ny fahaverezana sy fahapotehana vokatry ny fiovan'ny toe-tany na eo amin'ny ara-toe-karena na amin'ny lafiny hafa (ho an'ny isam-batan'olona, ho an'ny fiarahamonina ary ho an'ny ara-toe-karena ankapobeny) manerana an'i Madagasikara, ary hiarahana amin'ny hetsika maika ao amin'ny marefo kokoa any atsimo atsimo.

2.2 HO AN'NY FANJAKANA MALAGASY

- Mampitombo ny fanampiana olona any atsimon'i Madagasikara ("Le Grand Sud"), ao anatin'izany ny famatsiana ara-tsakafo haingana sy maharitra, ny fahafahana misitraka rano fisotro madio, fidiovana sy fahadiovana, fanaovana, ary atao ho laharam-pahamehana ireo izay niangaran'ny vintana, ary fitadiavana fanampiana amin'ny vondrona iraisam-pirenena raha ilaina izany.
- Mandray ireo fepetra rehetra hampaha-marin-toerana ny zon'olombelona ka mampiasa feno ny fahafaha-manao mba hampihenana ny entona manimba ao anatin'ny fe-potoana fohy.
- Mandray ireo fepetra rehetra hampaha-marin-toerana ny zon'olombelonaka mampiasa ny fahafaha-manao feno hanohanana ny vahoaka Malagasy, indrindra ireo miaina ao anaty fahantrana sy ireo niangaran'ny vintana, ka mitady ny fomba hahafahana miatrika ny vokatra

ateraky ny fiovan'ny toe-tany sy hahay hiatrika ny loza ara-toetr'andro mba hialana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo mihamaharitra sy mihamafy.

- Manorina foto-drafitr'asa azo antoka toy ny famatsian-drano, fidiovana, tobim-pahasalamana sy sekoly izay mahazaka ny fiantraikan'ny fiovan'ny toe-tany indrindra fa any amin'ireo toerana tsy mandroso firy toy ny tapany atsimon'ny nosy, ary mangataka ny fanampian'ny vondrona iraisam-pirenena rehefa ilaina izany.[12]
- Mampitombo araka ny tokony ho izy ny lelavola hampiasaina ary mampihatra ny paikady sy fitantanana fampihenana ny loza voajanahary, ny rafitra fampitandremana mialoha ary drafitra valiny vonjy maika, ary manome antoka fa ny fampahalalana fampitandremana mialoha dia omena amin'ny fomba ara-potoana, mifanaraka amin'ny kolontsaina, azon'ny rehetra raisina, tsy misy avakavaka, ary jerena manokana ireo vondrona tena voa mafy.
- Manohana ny asa fambolena sy fiompiana sy manao ireo dingana rehetra ahafahana manatsara ny rafitra ara-tsakafo sy ny velon-tena ho mafonja izayafaka hiatrika ny vokatra ateraky ny fiovan'ny toe-tany, sady mampihatra ny politikam-bahoaka mampiroborobo sy manamora ny asa fambolena sy fiompiana azo lovainjafy, ny rafitra ara-tsakafo izay mampahamarin-toerana ny zon'olombelona amin'ny alalan'ny fahaiza-mitantana ny tany hambolena sy amin'ny fikarakarana azy.[13]
- Manao petra-bola ho an'ny fiarovana ara-tsosialy sy ny asa sosialy mba hampihenana ny mety ho loza ateraky ny fiovan'ny toe-tany, ary atao antoka fa samy afaka misitrakan'io na ny lahy na ny vavy, ary hojerena manokana ny filàn'ny vehivavy sy ireo niangaran'ny vintana.[14]
- Manaiky fa ny fiovan'ny toe-tany sy ny loza aterany no fototra mitarika ny fifindra-monina sy ny fikisahana amin'ny toerana hafa, ao anatin'izany ny fametrahana rafitra fifindra-monina azo antoka, ara-dalàna sy mora kokoa ao anatin'ny tetik'ady ho enti-miatrika ny fiovan'ny toe-tany.[15]
- Miasa miaraka amin'ireo mpanao gazety eo an-toerana sy any ivelany mba hiantoka ny fampitana hafatra mazava sy matetika mikasika ny toetr'andro sy izay mety ho loza aterany, manoso-kevitra mikasika ireo hetsika sy fanampiana azo atao, indrindra fa ny fijerena akaiky ny fomba mety hahafahan'ny vondrona marefo miatrika ny voka-dratsy mety hiseho, indrindra ny marenina, jamba na manana kilema hafa, ny antitra, sy ireo tsy afaka misitraka feno ny fanaraham-baovao – ka miditra an-tsehatra manokana manao izay hahatrarana ny tanjona amin'ny fiarovana sy fampaherezana ireo vondron'olona mipetraka lavitra sy marefo ka manamafy ny fahaiza-miatrika ireo loza voajanahary ateraky ny fiovan'ny toe-tany.
- Mitady ny fanampiana sy ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena ka handray ireo fepetra ampy hoentina miatrika, sy misitraka ny fampahalalana sy ny fanaovana tombana mikasika ireo fahaverezana sy fahapotehana na ireo tranga hafa mifandraika amin'ny fiovan'ny toe-tany sy izay antony mahamafy kokoa an'izany. Amin'izany dia tsy maintsy jerena ny voka-dratsy ateraky ny haintany amin'ny fanasoavana ny zon'olombelona, toy ny zo hiaina, hanana fahasalamana, hanana rano madio, fidiovana, sakafo, fanabeazana ary kolontsaina izy ireo.
- Mankato sy mampihatra ireo lalàna sy politika hiarovana ny ala sy tontolo iainana voajanahary. Tsy tokony hifantoka amin'ny tetik'ady hiarovana ny ala sy ny fitehirizana ny ala tsy ho ringana izany lalàna sy politika izany satria mety hitarika amin'ny fanitsahana ny zon'olombelona ny fanaovana izany, fa tokony hampiroborobo feno ny fampandraisana anjara ireo olona hiantefan'ny vokany kosa; ary
- Mitondra loharanon'angovo hafa azo havaozina sy hanoloana ny angovo fampiasa amin'ny fandrahoana, ny fanafanana na izay rehetra mety hilàna angovo fampiasa any an-tokantrano.

---

[12]Tatitra nataon'ny mpanao tatitra manokana mikasika ny andraikitra hiarovana ny zon'olombelona tsy maintsy ho raisina mikasika ny fahafaha-misitraka trano ara-dalàna tamin'ny 6 Aogositra 2009, UN Doc. A/64/255, para. 51; Tatitra nataon'ny mpanao tatitra manokana mikasika ny andraikitra hiarovana ny zon'olombelona tsy maintsy ho raisina mikasika ny fahafaha-misitraka tontolo iainana azo antoka, madio, mahasalama ary lovainjafy tamin'ny 15 Jolay 2019, UN Doc. A/74/161, para. 86(b).

[13] Tatitra nataon'ny mpanao tatitra manokana mikasika ny andraikitra hiarovana ny zon'olombelona tsy maintsy ho raisina mikasika ny fahafaha-misitraka tontolo iainana azo antoka, madio, mahasalama ary lovainjafy tamin'ny, 15 Jolay 2019, UN Doc. A/74/161, para. 86(e).

[14] Tatitra nataon'ny mpanao tatitra manokana mikasika ny zo hisakafo tamin'ny 5 Aogositra 2015, UN Doc. A/70/287, para. 89(k); CEDAW Committee, General Recommendation 37, para. 64(a); Tatitra nataon'ny mpanao tatitra manokana mikasika ny andraikitra hiarovana ny zo maha-olona tsy maintsy ho raisina mikasika ny fahafaha-misitraka tontolo iainana azo antoka, madio, mahasalama ary lovainjafy tamin'ny, 15 Jolay 2019, UN Doc. A/74/161, para. 86(c).

[15] OHCHR*, Treaty bodies' joint statement on human rights and climate change*, 2019. Jereo: https://www.ohchr.org/EN/NewsEvents/Pages/DisplayNews.aspx?NewsID=24998

AMNESTY INTERNATIONAL DIA HETSIKA MANERAN-TANY MIARO NY ZON'OLOMBELONA. REHEFA MISY OLONA IRAY MIATRA NY TSY RARINY DIA ISIKA REHETRA NO MIATRA IZANY.

MIFANDRAISA AMINAY

info@amnesty.org

+44 (0)20 7413 5500

MIDIRA AMIN'NY RESAKA

www.facebook.com/AmnestyGlobal

@Amnesty

TARA LOATRA RAHA EFA MATY IZAHAY VAO HO TONGA NY FANAMPIANA

FAMINTINANA: NY FIANTRAIKAN'NY FIOVAN'NY TOE-TANY AMIN'NY ZON'OLOMBELONA NOHO NY HAITANY MAMELY NY TAPANY ATSIMON'I MADAGASIKARA

Ity tatitra ity dia manadihady ny fiantraikan'ny fiovan'ny toe-tany amin'ny zon'olombelona any atsimon'i Madagasikara tratry ny haintany. Ny faritra atsimon'ny firenena, izay fantatra amin'ny anarana hoe "Le Grand Sud", dia iharan'ny hanoanana sy ny haintany ratsy indrindra tao anatin'ny 40 taona lasa. Mihoatra ny 1.1 tapitrisa ny olona any amin'io faritra io no miatrika tsy fandriam-pahalemana lehibe ary heritreretina fa hiharatsy izany amin'ny volana ho avy.

Ity tatitra ity dia nahatsikaritra fa vokatry ny haintany hatrany dia mitombo ny tsy fanjarian-tsakafo ao amin'ny faritra, ary ny fahazoana rano, fidiovana ary fahadiovana dia tsy azo antoka kokoa, ka misy fiantraikany ratsy amin'ny zon'olombelon'ireo vahoaka Malagasy any amin'ny faritra atsimo izany.

Ity haintany loza dia loza ity dia manaporofo fa niatrika ny fiovan'ny toe-tany i Madagascar sy ny mponina ao aminy, satria ny porofo dia mampiseho fa ny krizy misy eto amin'izao tontolo izao dia mandray anjara amin'ny toetry ny toetr'andro mafy niainan'ny firenena.

Raha ity tatitra ity dia mampiharihary indrindra ny vokatry ny haintany niverimberina tany amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara amin'ny zon'olombelona, dia tanjona ihany koa ny hitairana ny fianakaviambe iraisam-pirenena mba handray andraikitra maika hamahana ny krizy lehibe izay ny fiovan'ny toe-tany, araka ny ny vinavina momban'ny toe-tany, raha tsy misy hetsika, dia azo inoana fa hahatonga ny trangan-javatra ara-toe-tany hiharatsy sy ho mafy kokoa, ary hisy vokany lehibe eo amin'ny zon'olombelona.

INDEX: AFR 35/4874/2021
OCTOBER 2021
ORIGINAL LANGUAGE: ENGLISH

AMNESTY INTERNATIONAL